AMBOHIMANGAKELY

Nidoboka am-ponja ilay mpamily mamo nilaza ho havan'ny SEG

Nidoboka am-ponja ilay mpamily mamo teny Ambohimangakely nilaza ho havan'ny SEG, na ny sekreteram-panjakana misahana ny Zandarimariam-pirenena. Naiditra amponja vonjimaika ilay mpamily mamo sy niseho ho havan'ny jeneraly SEG, ary nanimbazimba zandary. Natolotra ny fitsarana ny raharaha ny 27 aprily 2021, ka araka ny didy nivoaka dia naiditra vonjimaika etsy amin'ny fonjan'Antanimora ilay mpamily. Familiana fiara anaty fahamamoana; faniratsirana mpitandro filaminana teo ampanatanterahana ny asany; fanararaotana amin' ny fisehoana fahafantarana olona ambony; fandikana ny lalàna faha 91.011 ny 18 jolay 1991 mamaritra ny hahamehana misy eto amin'ny firenena, ireo no andinindalàna famaizana nanenjehana azy.

Stefa

Ilay mpamily mamo nanevateva zandary (ankavanana).

Apôstôly Tsaratsara

Tsy vahaolana amin'ny fiatrehana ny coronavirus ny fanakatonana fiangonana

Tokony hivondrona sy hifampidinika haingana ireo mpitandrina, sy ny olomboahosotr'Andriamanitra manana fanomezam-pahasoavana samihafa rehetra, mba hanohitra miaraka ny firongatr'ity aretina Coronavirus eto Madagasikara ity, hoy ny Apôstôly Tsaratsara. Nanohy fanazavana ity mpitarika fiangonana ity, fa tokony hanambatra hery ny olon'Andriamanitra rehetra, mba hivavaka miaraka sy hanatanteraka asa fanasitranana, sy ny fandroahana ny fanahy ratsy, izay mampahory ny olona amin'izao fotoana izao, hahafahana mandroaka haingana ny aretina Coronavirus eto Madagasikara. Nilaza izy fa tokony hiara-hientana amin'ny mpitsabo sy ny hery velona ny mpanompon'Andriamanitra amin' ny fitadiavana vahaolana, manoloana ny firongatry ny aretina ary izay zavatra tsy sitran'ny vavaka sy ny fametrahan-tanana dia raisin'ny Dokotera sy ny mpitsabo nentim-paharazana ary vonona ny hiarahiasa amin'ny rehetra i Apôstôly Tsaratsara amin' ny fanatanterahana an' izany asa fanafahana sy asa fitsaboana izany. Nanohy fanazavana ity mpitarika fiangonana iray ity, fa tsy vahaolana amin'ny fiatrehana ny aretina Coronavirus ny fanakatonana fiangonana ary misy mpitarika fiangonana sasany mihevitra, fa manaparitaka ny aretina ny fiarahana miombom-bavaka any am-piangonana, ka izay no antony nanakatonan'izy ireo ny fiangonana. Manentana ny vahoaka Malagasy izay nahazo antso avy amin'Andriamanitra sy manana fanomezam-pahasoavana amin'ny fitsaboana i Apôstôly Tsaratsara, mba hiara-misalahy faran'izay haingana amin'ny ady amin'ny Coronavirus, satria ahiana ho fongotry ny aretina ny Malagasy raha tsy misy fandraisana andraikitra haingana. Malahelo amin'ny zavatra manjo ny Malagasy i Apôstôly Tsaratsara ary nanamafy ity farany fa ny vavaka irery ihany no fanafodin'ny areti-mandringana, no sady tsy misy zava-mahagaga tsy hain' Andriamanitra atao eto amin'ity tany ity.

I Apôstôly Tsaratsara sy ireo mpiara-miasa akaiky aminy.

Franck Razakambelo

Anosibe Andrefana II

Raim-pianakaviana namoy ny ainy tamin'ny haintrano

Nisehoana tranga mampalahelo tetsy Anosibe Andrefana II omaly vao mangiran-dratsy. Raim-pianakaviana iray no namoy ny ainy noho ny hain-trano tao amin'ity fokontany Anosibe Andrefana II, Boriboritany faha-4 ity, tokony ho tamin'ny 5 ora maraina. Araka ny vaovao voaray, labozia nirehitra teo ambony latabatra no niteraka ny loza.

Niaina

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitay amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao manaraka zao: ka manabarabara olo anao aba ra! ninianao nampiliry ny corona mba ho takona ny tsy fahavitanao ilay asa marobe velirano izay revingadra sy fanabadoana nefa tsy ho vitanao akory. -Fasana 10000 no omaninao ho solon'ilay trano 10000. -Vatapaty solony drone. -Cvo solon'ny rano fisotro madio isan-trano. -Hanavotra izao tontolo izao nefa 2e plus pauvre du monde. Sao mihevitra fa hadinon'ny vahoaky ny iemaninareo sy velirano fitaka dadatoa! mba mihevera ry longoko e, Cvo no nomeny ka fasana no nomaniny ho anareo. Efa misy isampa-ritra ve ilay fasana e? nogiazanao ny haino amanjery omaly, androany anao mipoly @ safànao, norimaly avao zao ? nareo nifily azy io moa mba norimaly avao koa? Mpitsabo firy no efa lasa? mba ino ny fepetra raisin'ity fitondrana ty? aiza ny Cfm, ny mpiaro zon'ny mpanjifa?... malalaka ny lavakin'ny fasana rehefa samy hangina. Mila mikoragna fa raha mangina ny gasy dia ny fasana manarapenitra no miandry azy. Mifohaza eky ry Malagasy havako!

Rmdm Melaky
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

Kariera nisy namosavy

Marary sy lasa adala izay miditra ao

Tany Ilakaka no niseho ny tantara. An-jatony ireo mpila ravinahitra avy aty Antananarivo, no tonga nitady vola sy harena an-kibon'ny tany tany amin'iny faritra iny. Mba anisan'ireo te-hanan-karena izy mivady ireto, ary namidy ny fananana teo am-pelatanana, fa hoe tsy maintsy hahazo satria izay rehetra avy any dia nilaza fa tafavoaka daholo. Lafo ny omby roa lahy ary roso ny dia. Tonga soa amantsara ary nanomboka niasa satria nisy olona niala tamin'io toerana io, no nodimbiasan'izy roa. Vao indray andro monja dia nahazo izy roa ary falifaly ery fa hitohy ny ketrika. Vao nanomboka anefa ny andro faharoa dia tsy nahazo intsony ary toy izany hatrany. Lany ny vatsy tao anatin'ny iray volana ary tsy maintsy hody aloha haka indray, satria ny tanjona dia tsy maintsy hahazo foana. Mbola nivarotra zavatra hafa avy eo ary niverina tany an-toerana indray. Notohizana ny asa ka ny teo ihany no teo ary saika narary no niafaran'izy mivady. Ny fananana lafo, nefa ny vola niverina tsy nisy. Tapa-kevitra izy roa fa hody satria kivy tanteraka. Ny mahagaga anefa dia henony fa vao lasa izy dia nisy olona nilaza fa nahazo vato tamin'io toerana io ary tafita mihitsy. Soa fa nahafantatra an'i Mr Aina 0338348163 sy ny 0342902668, mpitsabo eny Itaosy ny fianakavian'ilay vehivavy, ka nataon'izy ireo izay hihaonana taminy.

Nisy namosavy ny karieran'izy roa

Vao nilaza ny zavatra niainany tany Ilakaka izy roa dia notapahan'ity mpitsabo malaza ity avy hatrany. Nisy namosavy ny lavaka niasanareo hoy izy ary mpifanila kariera aminareo ihany izy io, fa tsy nampoizinareo. Vao niala anefa ianareo hoy izy dia niditra izy satria hainy ny nanadio azy io. "Sorabe" no nikarakaran'ity mpitsabo ity azy roa, nodiovina sy nampandroina izy roa ary mbola nisy fanefitra manokana nampitondraina azy roa ihany koa. Notsofin'ity mpitsabo ity rano izy roa fa tsy maintsy ho tafita.

Iray volana dia tafita izy roa

Vao vita fikarakarana dia lasa izy roa niverina tany Ilakaka. Notanterahiny avokoa izay nolazain'ilay mpitsabo ary nanomboka niova ny rasa. Vao niditra fotsiny izy roa dia nahazo ary lafo vola. Nitohy ny ampitso ka mbola nahazo bigbig indray. Herinandro taorian'izay dia nahazo vola an-tapitrisany izy roa ary efa saika hody. Mbola nikiry farany anefa izy ireo ka mbola nahazo an-tapitrisany indray. Nody amin'izay izy ireo avy eo ary nanomboka niverina ireo fananana satria nividy omby, mbola nahazo fananana samihafa ihany koa. Tsy vitan'izany, fa mbola nanao trano ihany koa satria tsy lany intsony ny vola azo. Vao nisy nilaza taminy aza fa misy fiara amidy saingy mbola hiofana aloha ilay rangahy. Nanomboka teo dia foana rafahantrana, fa nofinofy sisa satria raha saika very hevitra sy bankiropotra tanteraka izy roa tao anatin'ny taona vitsy dia tafita sy lasa mpanefoefo vao nahazo fikarakarana manokana teny amin'ity mpitsabo ity. Tafita izy mianakavy izao ary salama tsara ihany koa ny fianakaviany manontolo. Lasa filamatra eny anivon'ny fiaraha-monina izy roa raha saika nataon'ny olona fihomehezana, sy nolatsaina fa hoe izay no vita ny aminy.

Namana

Baolina kitra

Tsy milamina ny fitantanana amin'izao fotoana

Tsy milamina ny fitantana ny baolina kitra eto amintsika amin'izao fotoana any an-tampony any. Nampalahelo ny beach soccer satria forfeit tsy afaka nifaninana, na dia efa nanao CAN sy CDM aza. Ny président ny commission ny Beach soccer ity dia variana mandika ny lalanan'ny FIFA, équimentier, variana miady an'i Dupuis hijanona, nefa hadinony ny andraikiny satria tsy misy championnat régional, national, international, tsy tokony hanilihana ny valanaretina.
Nampalahelo ny Fosa juniors fa voatery niala an-daharana, fa tsy nahazo autorisation hivoaka an'i Mahajanga, efa tsy mora ny mitarika clubs, indrindra clubs goavana toy ireny, mafy ny deceptions na fahakiviana mahazo ny mpilalao, raha sanatria kivy ny mpitarika dia clubs goavana iray indray no handao ny tontolo taorian'ny nandravana ny CNAPS, indrisy!

Lita